SeFaFi

SEHATRA FANARAHA-MASO NY FIAINAM-PIRENENA
Observatoire de la Vie Publique

Lot III M 33 K Andrefan'Ambohijanahary, Antananarivo 101

Tél. 032 59 761 62 Email : sefafi@gmail.com Site Web : www.sefafi.mg

Fifidianana nifanesisesy 2018-2019 : fanamarihana sy sosokevitra

Ny lava indrindra tamin'ny fifidianana nifanesy no vao nodiavin'i Madagasikara. Inefatra miantoana ny mpifidy no nantsoina, nanomboka ny fifidianana ny 7 novambra ho an'ny fifidianana filoha ka hatramin'ny 18 desambra ho an'ny ben'ny tanàna sy ny mpanolotsaina. Ahariharin'ny tahan'ny fandraisany anjara ny toepon'ny olona tamin'izany :

Fifidianana filoha ny 18-11-2018	53,95 %
Fifidianana solombavambahoaka ny 27-05-2019	40,64 %
Fifidianana ben'ny tanàna sy mpanolotsaina ny 27-11-2019	33 % (vinavina)

Satria efa tafakatra ho 80 % ny tahan'ny tsy fandraisana anjara dia mipetraka ho azy ny olana ny amin'ny maha ara-drariny marina izay olona voafidy. Tsy azo atao tsinontsinona io tsy fahazotoana mifidy tsy mitsaha-mitombo io. Ny SeFaFi dia maniry hanolotra etoana ny fandraisany anjara amin'io adihevitra mavesa-danja loatra io.

Tetiandrom-pifidianana an-kamehana sy tefy maika

Ny miharihary voalohany dia ny momba ny fe-potoana nanaovana ny fifidianana, nikorontana ny fifandimbiasany sady tsy voarindra. Mba hialana amin'io vato misakana io, ny ankamaroan'ny firenena eran-tany dia nandamina ara-drafi-pisainana ny tetiandrom-pifidianany, ka nisy andro iray natokany hanaovana ny fifidianam-pirenena (ny fifidianana ny filoha sy ny solombavambahoaka izay misy fihodinana roa) - miaraka amin'ny fihodinana faharoa raha ilaina -, ary andro iray ho an'ny fifidianam-paritra (ny fifidianana ny lehiben'ny faritra sy ny ben'ny tanàna). Ho an'ny sefo fokontany kosa, ny voalazan'ny lalàna dia fidiana iray volana aorian'ny fifidianana ny ben'ny tanàna izy ireo, amin'ny alalan'ny fifidianan'ny sarambabem-bahoaka mivantana, mandritra ny fivoriam-ben'ny fokonolona.

Ny tetiandrom-pifidianana maharitra koa dia tokony hiala amin'ny andro fiasana hanaovana fifidianana. Miteraka fahavoazana goavana mantsy izany ho an'ny orinasa sy ny toekaren'ny firenena. Mety kokoa mihitsy ny miverina amin'ny fanao mahazatra tany aloha izay nampanao ny fifidianana ny sabotsy na ny alahady.

Ambonin'izany, mba hialana amin'ny tsy fahatongavana mifidy manao rodobe ary mba hahatonga ny olom-pirenena hahatsiaro tena hanefa ny adidiny, dia tokony hoheverina ny hanaovana ny fifidianana ho voadidy tsy maintsy atao,

tahaka ny any amin'ny firenena maro. Sosokevitra tokony hodinihina sy hiadian-kevitra io.

Momba ny fifidianana ben'ny tanàna sy mpanolotsaina

Mikasika ny fifidianana ben'ny tanàna sy mpanolotsaina dia tsara raha hamoraina kokoa ny fandehany. Araka ny nasehon'ny traikefa tamin'ny fomba narahina ankehitriny, ny fampiarahana ny fifidianana roa, ny an'ny ben'ny tanàna sy ny an'ny mpanolotsaina, dia matetika no niafara tamin'ny fiandaniana tsy mitovy, na tena mpifanandrina mihitsy aza, ary mazava loatra fa tsy hahomby na oviana na oviana ny fitantanana ny vondrom-bahoaka noho izany. Ny tsotra indrindra dia ny miverina amin'ny latsa-bato amin'ny lisitra : ny lohalisitra nahazo ny laharana voalohany no ho ben'ny tanàna ary ny lisitra nisy azy dia ho maro an'isa ao amin'ny filankevitry ny tanàna. Raha ny vinavina fotsiny dia mendrika hanaovana fikaonandohan'ny rehetra io resaka io mialoha ny fifidianana manaraka, mba hahazoana manambatra ny fomba mahomby amin'ny tena fahafahana misolo tena.

Ampitoviana daholo ny fe-potoana hiasana

Mety koa raha ampitoviana daholo ny fe-potoana iasan'ny an-daniny sy ny an-kilany, ka ampidirina eo amin'ny fisasahan'ny fotoanan'ny fifidianam-pirenena ny anaovana ny fifidianam-paritra. Amin'izay dia hifandimby mandritra ny fe-potoana metimety kokoa ny fifidianana. Raha misy fametraham-pialana na tsy fahafahan'ny Filoha intsony misahana ny asany dia tokony hisy fanitsiana ny lalàmpanorenana hitsinjo mpisolo toerana mialoha hiandraikitra ny asa mandra-pahatongan'ny fifidianana manaraka ; ary misy fanitsiana anankiray koa hanambarana fa tsy ho azon'ny Filoha ravana intsony ny Antenimieram-pirenena.

Lisi-pifidianana sy karatry ny mpifidy

Ny fahavoazana miverimberina ateraky ny lisi-pifidianana dia iampangana ny CENI (Vaomieram-Pirenena Mahaleo tena momba ny Fifidianana). Na dia eo aza ny tetibola avy amin'ny mpiara-miombona antoka avy any ivelany (nefa anie ka ny fiandrianam-pirenena no iankinan'ny fifidianana), dia mijanona ho tsy tomombana hatrany ny fandaminana ny fifidianana. Mihoatra kelin'ny 10 tapitrisa ny isan'ny mpifidy hitan'ny CENI ho an'ny mponina mahatratra 26 tapitrisa ka ny antsasany dia efa tonga taona hifidy, izany hoe raha ny marina dia nalana tamin'ny olom-pirenena tokony ho telo tapitrisa eo ho eo ny zony hifidy ! Ohatra ny tsy mahataitra velively na ny CENI na ny mpitondra ireo tarehimarika tena tsy azo leferina ireo.

Mbola tohin'io fiheverana hanamora zavatra io ihany, tokony hofoanana haingana ny karatry ny mpifidy izay efa lasa tsy misy ilana azy intsony. Tsy ilaina, mandany vola, mora anaovana hosoka, andiam-piasam-panjakana tsy hita isa no miasa hanao azy ary manahirana ny mpifidy amin'ny tsy antony fotsiny izy. Ampy tanteraka ny karapanondrom-pirenena ka tsara raha avadika ho fanomezana karapanondro ny olona tonga taona ny tetibola natokana ho an'ny kara-pifidianana. Tsiahivina koa fa ny adiresy hita ao amin'ny karapanondro dia tsy voatery ho ny adiresin'ny tompony amin'ny andron'ny fifidianana. Fanamarinam-ponenana fotsiny dia ampy ho an'izay olom-pirenena niova fonenana.

Ary farany, mila andro 3 ny birao fandatsaham-bato 1 202 eto an-drenivohitra vao mahatonga ny voka-pifidianana any amin'ny foiben'ny CENI, ahoana no hanazavana ny anton'izany ? Minitra vitsy fotsiny no ilaina hanaovana *scanner* sy

handefasana ny firaketana an-tsoratra ; ny firaketana natao an-taratasy nasiana hajia sy fitomboka ary vita sonia dia azo alefa miadana aty aoriana tahaka ny mahazatra amin'ny fiasan'ny fanjakana ! Diso miadana loatra ny fe-potoana tokony handefasana ny voka-pifidianana ka lasa mampanontany tena ny amin'izay tena mety ho anton'izany marina, manginy fotsiny ny fanarabiana ny Nosintsika avy amin'ny firenen-kafa. Eo am-piandrasana izany, mbola tsy noraharahaina ihany ilay tolo-kevitra tokony hanomezana finday ny birao fandatsaham-bato tsirairay avy mba hanomezany avy hatrany ny voka-pifidianana any amin'ny distrika sy any amin'ny CENI, nefa izany no hitondra vahaolana tsotra sy malaky.

Fampielezan-kevitra

Misy zavatra iray hafa manahiran-tsaina ny olona mialoha ny fifidianana : ny fampielezan-kevitra. Ny resaka fampielezan-kevitra mialoha dia tena hafokàna tsotra izao, satria rehefa mety ho antoko politika mijoro ara-dalàna dia afaka manao ny fampieleza-keviny daholo mandavan-taona amin'ny alalan'ny asa ataony, araka izay voafaritry ny lalàna (famoriam-bahoaka, valan-dresaka, fihaonana samihafa). Ho an'izany dia anjaran'ny lalàna ny mamaritra ny hetsika voafetra ho azo atao mandritra ny fampielezan-kevitra, ary voarara ivelan'io fotoana io - arahin'ny fanasaziana.

Fa ny tena zava-dehibe indrindra dia ny fifehezana ny famatsiam-bolan'ny antoko sy fampielezan-kevitra. Efa misy ny lalàna izay mandidy ny antoko hampahafantatra ny anaran'ny mpitambolan'ny fampieleza-keviny ary hanao ny tatitry ny vola laniny sy ny niavian'ny famatsiam-bolany. Saingy satria tsy nisy sazy voalaza na iray aza ho an'ny mpandika lalàna (ekena aloha fa tena maranitra ny mpanao lalàna), dia samy manao izay tiany ny tsirairay. Io firaisana tsikombakomba miharihary eo amin'ny mpanao lalàna sy ny antoko politika io no manakana ny fanadiovana ny fanao mahazatra ny mpanao politika momba ny famatsiam-bola.

Momba ny fanaraha-maso ny fifidianana

Ny olana farany momba ny fifidianana dia ny fanaraha-maso. Tsy nisy izy io nandritra ny fotoana ela, fa ny KMF/CNOE (Komitim-pirenena Manara-maso ny Fifidianana) no nametraka sy nandrafitra azy tamin'ny taona 1990. Dia nobahanan'ny mpanara-maso avy any ivelany daholo ny toerana ary dia nanjary volan-kakafotra ny teniny farany : « Fifidianana nahafa-po tamin'ny ankapobeny ». Fa mba ahoana loatra moa no hahafahan'ireny « mpanara-maso » an-jatony maro tsy mahay teny malagasy ireny, izay matetika misonanina fotsiny any amin'ny trano fandraisam-bahiny avo lenta any amin'ny tanàn-dehibe, ahoana no ahafahany manao tatitra vetivety kely toy izany momba ny fifidianana izay misy lafin-javatra be dia be tsy voafehiny ?

Etsy andanin'izany, ny fikambanam-pirenena mpanara-maso dia tokony ho malina kokoa, ka tsy hanao fanambarana aloha loatra sy mifanipaka. Mendrika ho ampiasaina ny traikefa nananan'ny fikambanana toy ny KMF/CNOE[1].

1. Momba ny Fikambanana SAFIDY, vatsian'ny UE vola hatramin'ny efa ho iray tapitrisa euros – izany hoe 4 lavitrisa Ariary - ho an'ny fifidianana ben'ny tanàna. Ho an'i *Madagascar Tribune.com* tamin'ny 10 oktobra, « mpanara-maso 4.100 avy amin'io fiombonan-kevitra io (…) no handray anjara mandritra ny fizotran'ny fifidianana manontolo (…) [ary] handrakotra kaomina 776 misandrahaka any amin'ny distrika 112 any amin'ny faritra 22. Ny voakasik'izany dia 2/3 eo ho eo (67%) amin'ny mpifidy eto amin'ny firenena ». Ho

Raha hisy fitsapan-kevi-bahoaka tokoa amin’ny taona ho avy, araka ny fanombanana ny filazan’ny lalàna momba ny fandaniana ny volam-panjakana, dia fotoana fanararaotra izany hamadihana ho lalàm-panorenana izay fepetra mazava sy mateza takian’ny fizotran’ny fifidianana. Mazava loatra anefa fa tsy maintsy ampahafantarina ny olom-pirenena izay fanitsiana ny Lalàmpanorenana tiana hatao ary tsy maintsy antsoina izy hiady hevitra malalaka momba izany…

Antananarivo, 12 desambra 2019

an’ny *Express* tamin’ny 7 novambra, mpanara-maso 8.000 avy ao amin’ny SAFIDY no naparitaka nanerana ny Nosy mba « hanentana » ny mponina ka hampiakatra ny tahan’ny fandraisana anjara. Ny andron’ny latsa-bato, tamin’ny mitatao vovonana, dia nanambara ny SAFIDY fa niakatra ny tahan’ny fandraisana anjara raha ampitahaina amin’ny tahan’ny fifidianana solombavambahoaka – ny hariva anefa izy dia nanaiky fa tsy mbola nisy taha ambany ohatra ity…